Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 1

MEGAPRINT- 18/02/19 - BAT FORMATION OVEC - PNUD - FT: 21 X 29.7 CM

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

MEGA PRINT
BON A TIRER
ATTENTION
SIGNATURE

SACEM

Elections législatives 2019

Formation des membres de l'OVEC

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 2

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 3

FAMPIDIRANA

Vinan'ny CENI:

" Fitantanana fifidianana azo antoka sy demokratika".

Ahoana ny toetsaina sy ny fomba entina manatanteraka izany @ alalan'ny asan'ny OVEC ???

- Fifehezana ny didy aman-dalàna manankery mifehy ny fifidianana;
- Fanajana ny didy aman-dalàna manankery;
- **Fananana toe-tsaina sy fomba fijery tsy mitanila, tsy miandany;**
- **Tsy manaiky andairan'ny fanangolena sy ny kolikoly ary ny tsindry isan-karazany;**
- **Tsy manaiky ny gaboraraka;**
- **Hentitra ary afaka miatrika ny zava-misy.**

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

NY FANAMARINANA SY NY FANDRAIKETANA AM-BOKY NY FILATSAHAN-KOFIDIANA

(Vérification et enregistrement des candidatures)

Fizarana voalohany: Ny RAFITRA MAHEFA SY NY FOMBA FIASANY

I) *Ny Rafitra mpanamarina sy mpandrakitra am-boky ny filatsahan-ko fidiana*

(L'Organe de Vérification et d'Enregistrement des Candidatures (OVEC)

- Apetraka eny anivon'ny CED ny rafitra mandray sy mirakitra ny filatsahan-kofidiana;
- Fanapahana raisin'ny Filohan'ny CENI no mamaritra io Rafitra io.

Toy izao ny firafitry ny OVEC:

- ny PCED, Filoha;
- ny Vice PCED, mpikambana;
- ny mpampakateny ao amin'ny CED , mpikambana;
- mpitsara iray na mpiasam panjakana sokajy A iray, mpikambana;
- mpiasam panjakana iray avy ao amin'ny sampandraharahan'ny hetra, mpikambana.

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

II) *Ny rafitra teknika manampy ny OVEC*

- *Manana Sekretaria teknika manampy azy ny OVEC tsirairay.*
- *Ny mpikambana ao @ Sekretaria teknika: Ny Chef d'Antenne sy ny Chef CID.*

Fanapahana (Décision) raisin'ny PCED no anamafisana ny fanendrena ireo mpikambana ireo.

III) Ny andraikitry ny OVEC (Attributions de l'OVEC)

- Fandraisana ny antotan-taratasy filatsahan-ko fidina;
- Fanamarinana ny maha ara-dalàna ny singa sy ny antontan-taratasy filatsahan-ko fidina ;
- Fanamarinana ny mombamomba ny olona milatsaka ho fidina;
- Fandraiketana an-tsoratra ny vokatry ny asa fanamarinana ny filatsahan-ko fidina;
- Fanaovana peta-drindrina ny lisitry ny filatsahan-ko fidina nahafeno ny fepetra;
- Fanavaozana araka ny toe-javatra mitranga @ lisitry ny filatsahan-ko fidiana;
- Fampahafantarana ny tompon'ny antotan-taratasy filatsahan-ko fidiana tafiditra ao anatin'ny lisitr ny kandida voaray sy/na nolavina;
- Fampitana amin'ny CENI sy ny HCC ireo antotan-tarasy filatsahan-kofodiana;
- Fampitana any @ CENI ny vokatry ny asany rehetra.

IV) Ny andraikitry sekretaria teknika

Manampy ny OVEC ny sekretaria teknika. Eo ambany fitarihan'ny OVEC ny sekretaria teknika.

- fandraisana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina;
- fandrafetana sy fanomezana ny taratasy fanamarinana ny **fandraisana** ny filatsahan-kofidina.

Atao sosony efatra ny taratasy fanamarinana (récépissé de depot) ka ireto avy ho andefasana izany:

- ny solontenan'ny kandida na ny lisitry ny kandidà,
- ny OVEC,
- ny CENI,
- ny HCC.

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 6

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

Andraikitry ny sekretaria teknika ao aorianan'ny Fandinihan'ny OVEC ny antotan-taratasy filatsahan-kofidina

- fandrafetana sy fanomezana ny taratasy fanamarinana ny fandraketana ny filatsahan-kofidina (certificat d'enregistrement) na fandavana (certificat de réfus) ny fandraiketana ny filatsahan-kofidina;
- fandrafetana ny fitanana an-tsoratra ny asan'ny OVEC;
- fandrafetana ny lisitr'ireo kandidà nankatoavin'ny Rafitra na nodidian'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana sy/na ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana.

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

V) Fepotoana iasana sy ny fomba fandaminana eo @ OVEC :

- *Fandaminana ny toera-piasana sy ny entimanana: Mialohan'ny 26 febroary 2019*
- *Fandraisana ny filatsahan-kofidiana: **26 febroary 2019** @ sivy (09) ora maraina ka h@ **12 mars 2019** @ dimy (05) ora hariva.*
- *Daty farany amoahan'ny OVEC ny lisitry ny kandida: **15 martsa 2019** (tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra 72 ora aorian'ny nandraisana ny antotan-taratasy filatsahan-kofidina tsirairay ny OVEC).*

- *Fandaminana asa an-kapobeny:*

Miasa tsy miato @ antoandro;
Miasa sabotsy sy alahady
Manao tatitra tsy tapaka.

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 7

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

Fizarana faharoa:

Ny fizotran'ny fandraisana sy ny fandraketana am-boky ny filatsahan-kofidiana

(Procédures de vérification et d'enregistrement des candidatures)

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

Fanamarihana mialoha:

- Ny filatsahan-kofidiana dia atao @ alalan'ny Fanambarana filatsahan-kofidiana (déclaration de candidature), apetraka eny anivon'ny OVEC;
- Ny kandida sy ny mpisolo toerana dia samy manao Fanambarana filatsahan-ko fidiana avokoa;
- Ny solotena omem-pahefana (mandataire) no mametraka ny antotan-taratasy filatsahan-ko fidiana.

Tondroina mazava tsara ao anatin'ny fanambarana filatsahan-ko fidiana ny « mandataire »

- Ny mpisolo toerana (suppléant) dia tsy maintsy manao taratasy fanekena ny maha mpisolo toerana;
- Ny kandida mahaleo tena dia afaka mametraka ny antotan-taratany @ alalan'ny tenany ihany;
- Ny filatsahan-ko fidiana dia atolotra amin'ny anaran'antoko politika na vondron'antoko politika, na tsy miankina.
- Tsy misy filatsahan-ko fidiana azo atolotra amin'ny anarana fikambanana tsotra.

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 8

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

IREO DINGANA ARAHINA

- Dingana voalohany : Fanamarinana ny mombamomba ny solotenan'ny kandida na ny mombamomba ny kandida tsy miankina;

  (vérification de la qualité du mandataire ou du candidat indépendant)

- Mitovy ve ny mombamomba azy (jerena ny CIN) sy izay voarakitra ao amin'ny fanambarana filatsahan-kofidina?
- Mitondra taratasy fanomezam-pahefana misy ny soniany sy ny sonian'ny mpanome fahefana ve izy?
- Voamarin'ny mana-pahefana (Prefe na Lehiben'ny Distrika na ny Lefiny) ve ny sonia ao @'io fanomezam-pahefana io?

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

- Raha tsy mitovy ny anaran'ny mpanatitra ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina sy ny anaran'ny solontena voasoratra ao amin'ny fanambarana filatsahan-kofidina dia:

- **manao tatitra** @ Filohan'ny OVEC ny sekretaria teknika,
- ny Filohan'ny OVEC no mampahafantatra ny voakasika mba **hanarina** ny fahadisoana
- tsy raisin'ny OVEC (Sekretaria teknika) ny antotan-taratasy filatsahan-kofidina,
- tsy manome taratasy fanamarinam-pandraisana (récépissé de depot).

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 9

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

- Raha tsy voamarina ara-panjakana ny sonia dia:

✓ ampahafantarin'ny Filohan'ny OVEC azy ny fepetra voafaritry ny Lalàna;
✓ ilazana ny voakasika hanarina izany ao anatin'ny 24 ora;
✓ rehefa vita io vao raisina ny antotan-taratasy.

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

- Dingana faha 2 : Fanamarinana ifanatrehana ny fahafenoan'ny singan-taratasy filatsahan-ko fidiana.

(vérification contradictoire de l'exhaustivité des pièces du dossier de candidature)

- atao sosony telo ny antotan-taratasy filatsahan-ko fidiana ary matoany (original) daholo;
- iTanatrehana io fanamarinana atao io;
- fanamarinana ny fahafenoan'ireo singan-taratasy mandrafitra ny filatsahan-kofidina ihany no ataon'ny sekretaria teknika;
- avoakan'ny sekretaria teknika eo no ho eo ny taratasy fanamarinam-pandraisana ny filatsahan-kofidina nosoniavin'ny Filohan'ny OVEC; (récepisse de depot).

NB: Raha toa ka misy singan-taratasy tsy ampy dia soratana ao amin'ny taratasy fanamarinam-pandraisana izany.

Omena 48 ora raha ela indrindra ny "mandataire", mba hamenoana ireo singan-taratasy tsy ampy.

Rehefa vita izany dia ampitaina any amin'ny Filohan'ny OVEC ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina mba handraisana fanapahan-kevitra

Tsy misy antotan-taratasy filatsahan-kofidiana na fanampin'ny antotan-taratasy azo raisana ao aorian'ny 12 martsa 2019 @ 5 ora hariva.

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

- *Ireo singan-taratasy takiana @ filatsahan-ko fidiana.*

- Ny fanambarana filatsahan-ko fidiana.

  NB: Io fanambarana filatsahan-ko fidiana io dia:

  - Raha toerana iray no ifaninana: fanambarana filatsahan-kofidina ataon'olotokana (déclaration individuelle de candidature),
  - Raha toerana mihoatra ny iray no ifaninana dia ny fanambarana filatsahan-ko fidiana itambarana (déclaration collective de candidature)

Atovana amin'ny « fanambarana filatsahan-ko fidiana » ireto singan-taratasy ireto:

- kopia manontolo momba ny sora-pahaterahana na kopian'ny karapanondrom-pirenena voamarina ara-panjakana;
- taratasy fanamarinana ny fizakana ny zom-pirenena malagasy;
- kopian'ny taratasy filazan-tsazy laharana faha 3 (Casier Judiciaire Bulletin n° 3, mbola manan-kery);
- kopian'ny kara-pifidianana na taratasy fanamarinana ny fisoratana anarana ao anatin'ny lisitry ny mpifidy;
- taratasy fanamarinana nomen'ny sampandraharahan'ny hetra mikasika ny fandoavan-ketra nandritra ny telo taona farany (certificat fiscal);

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

- taratasy fanoloran'ny (investiture) antoko politika na ny vondron'antoko politika ho an'izay mpilatsaka ho fidina atolotry ny antoko politika na ny vondron'antoko politika;
- fanamarinam-ponenana;
- tapakila manamarina ny nandoavana ny fandraisana anjaran'ny kandida amin'ny fanontana ny bileta tokana (avy amin'ny Rantsan'ny Tahirim-bolampanjakana);
- modelin'ny famantarana misy ny toetra mampiavaka, apetraka eo amin'ny biletà tokana (ataon anaty CD na Clé USB na Carte mémoire);
- kopian'ny tapakila fanamarinana ny fanambaram-pananana (ho an'izay voakasik'izany);
- taratasy fanekena ny maha mpisolo toerana (Lettre d'acceptation écrite de chaque suppléant, Annexe 3 ;
- fanambarana am-pahamarinana anekena ny fanajana ny lalàna mifehy ny famatsiam-bola ny fampielezan-kevitra.

(Déclaration de probité portant engagement à respecter les dispositions en vigueur relatives au financement des campagnes électorales, Annexe 4).

NB: Ny modelin'ireo singan-taratasy ilaina dia hita ao @ Tovana nampiarahana @ Didim-panjakana (ah. Faha 2019-057 t@ 01 febroary 2019 mamaritra azy.

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

- Dingana faha 3 : Fanamarinana ny maha ara-dalàna ny singan-taratasy;
  (contrôle de la régularité des pièces du dossier).

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

NB: Mialohan'ny hijeren'ny OVEC ny maha-aradalàna na tsia ireo singan-taratasy mandrafitra ny filatsahan-kofidiana dia:

- ✓ Jerena mialoha ny daty sy ny ora nandraisana ny antotan-taratasy;
- ✓ Hamarinina raha ahitana ireo kandida sy ny mpisolo toerana azy ny fanambarana filatsahan-kofidiana;

Raha mihoatra ny iray ny isan'ny Solombavambahoaka fidiana dia hamarinina ny fisian'ireo kandida mpiray lisitra amin'ilay mitarika ny lisitra.

Raha efa izany dia miroso @ fandinihana ny maha aradalàna na tsia ny singan-taratasy tsiraíray.

Ny ahafahana milaza fa ara-dalàna ny singan-taratasy dia:

- ✓ Manaraka ny modely voafaritry ny didy amam-pitsipika;

Jereo ireo Tovana rehetra @ Didim-panjakana lah. Faha 2019-057 t@ 01 febroary 2019 voalaza tetsy ambony.

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 12

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

- Tsy ahitana hosoka ary navoakan'ny rafitra mahefa hanao izany;
- Maneho ireo fepetra takian'ny didy aman-dalàna amin'ny filatsahan-kofidiana

(Oh.: Milaza ny fandoavan-ketra nandritra ny telo taona, manamafy fa tsy voasazy, nomena tao anatin'ny vanipotoana takiana...)

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

- Dingana faha 4 :

Fanamarinana ny maha ara-dalàna ny filatsahan-ko fidiana;
(**vérification** de la régularité de la candidature)

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 13

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

Taridalana @ fifampizarana andraikitra

- **ny Filoha** no misahana ny fandaminana sy ny fandrindrana ny asa;
- **ny Mpitsara,** mpikambana no mandinika ny lafiny ara-didy aman-dalàna mikasika ny antontan-taratasy

Jerena manokana @zany ny:

- fepetra fahafaha-milatsaka hofidina (conditions d'éligibilité),
- taratasy filazan-tsazy,
- fepetra fahafaha-milatsaka hofidina ho an'ireo vahiny mizaka ny zom-pirenena Malagasy);

NB: Raha tsy misy mpitsara voatendry ho ao amin'ny OVEC dia ny mpisam-panjakana, sokajy A, mpikambana, miampy ny Lehiben'ny Tendro ifandraisana (Chef d'Antenne) no misahana ity andraikitra ity.

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

- ny **Filoha lefitry ny CED sy ny mpampakan-teny** no mandinika ireo fepetra ankapobeny ahafahana milatsaka hofidina

  Ny fisoratana anarana amin'ny lisitry ny mpifidy no misongadina indrindra azany;

- **ny mpiasam-panjakana avy amin'ny Sampandraharahan'ny hetra** no misahana ny fandinihana ny fahaloavan'ny kandida sy ny mpisolo toerana azy na koa ny mpiray lisitra tsirairay ny hetra takiana aminy.

NB:

- raha mahita zavatra mampiahiahy ny tompon'andraikitra tsirairay dia mampahafantatra izany ny mpikambana rehetra izy mba hahafahana manapan-kevitra miaraka,
- raha misy tsy mahaeo ny tompon'andraikitra iray dia tokony hitohy hatrany ny asa,
- Fanapahan-kevitra fraisana (decision collégiale) no raisin'ny OVEC.

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 14

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

IREO FEPETRA TAKIANA MBA HAHAFAHANA MIROTSAKA HOFIDIANA

Tsiahy:

- Andininy faha-08 ao amin'ny lalàna fehizoro laharana faha 2018-010 mitanisa ny **fepetra manokana** mikasika ny olom-pirenena afaka milatsaka ho fidiana ho Solombavambahoaka.
- And. faha 03 Lalàna fehizoro lah. faha-2018-008 mamaritra ny fepetra maha-pifidy

IZA NO AFAKA MIROTSAKA HOFIDIANA
(Conditions d'éligibilité)

- Olona mahafeno ny fepetra maha mpifidy

Olom-pirenena malagasy, tsy anavahana na lahy na vavy, misitraka ny zon'ny isam-batan'olona sy ny zo arapolitika, voasoratra @ lisitry ny mpifidy.

- Olona mizaka ny zom-pirenena Malagasy;
- Olona monina eto amin'ny tanin'ny repoblika Malagasy;
- Olona feno iraika amby roapolo taona katroka amin'ny vaninandrom-pifidianana;
- Mizaka ny zon'ny isam-batan'olona sy ny zony politika;

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

- Voasoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana iray ao amin'ny fari-pifidianana iray eto amin'ny tanim-pirenena.

NB: Tsy voatery ho voasoratra anarana @ lisitry ny mpifidy ao @ fari-pifidianana irotsahany hafidiana any afaka mifidy @ birao fandatsaham-bato ao anatin'ny fari-pifidianana nilatsahany (And.-163, 2018-008).

- Tsy mbola voaheloky ny fitsarana mihitsy, na noho ny heloka bevava na noho ny heloka tsotra.

NB: Tsy voakasik'io fepetra io ny heloka voalazan'ny And.- 319 sy 320 @ fehezan-dalàna famaizana (heloka tsy niniana natao, na vokatry ny tsy fitandremana...)

- Art. 319 - Quiconque, par maladresse, imprudence, inattention, négligence ou inobservation des règlements aura commis involontairement un homicide, ou en aura été involontairement la cause, sera puni d'un emprisonnement de trois mois à deux ans, et d'une amende de 200 000 Ariary à 6 000 000 Ariary.

Art. 320 - S'il est résulté du défaut d'adresse ou de précaution des blessures, coups ou maladies entraînant une incapacité de travail personnel pendant plus de six jours, le coupable sera puni d'un emprisonnement de quinze jours à un an et d'une amende de 300 000 Ariary à 4 500 000 Ariary ou de l'une de ces deux peines seulement.

FEPETRA HAFA AHAFAHANA MANDRAY NY FILATSAHAN-KOFIDIANA

(Autres conditions de validité)

- Nahavoaloa ny fandraisana anjara amin'ny sara-panontana ny bileta tokana (And.- 20 @ Lalàna fehizoro 2018-010 (Dimy tapitrisa Ariary) ;
- Nahavoaloa ny hetra sy/na ny haba nandritra ny telo taona farany
- Atolotry ny antoko politika na ny vondron'antoko politika (manana fanomezam-pahefana avy @ tompon'andraikitra mahefa ao @ antoko) raha tsy kandida tsy miankina.

IZA NO TSY AFAKA MIROTSAKA HOFIDIANA

Tsiahy: andininy faha-9 ao amin'ny lalàna fehizoro lah. Faha 2018-008

- Olona didian'ny fitsarana ho tantanan'ny hafa;
- Olona nodidian'ny Fitsarana ho verezin-jo tsy azo fidiana noho ny fampiharana treo lalàna manome fahefana hanaisotra izany;
- Olona voaheloky ny Fitsarana raha misakana ny fanoratana azy amin'ny lisi-pifidianana mandritra ny fotoana tsy voafetra izany fanamelohana izany
- Olona voaheloka amin'ny alalan'ny sazy raikitra ary tsy nahazo famotsoran-keloka

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 16

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

Ny fanapahan-kevitry ny OVEC sy ny fifanolanana mikasika ny filatsahan-ko fidiana

1) *Ny fanekena ny filatsahan-ko fidiana*

Raha efa hita fa:

- azo raisina ny filatsahan-kofidiana,
- feno avokoa ireo singan-taratasy ilaina,
- ary voamarina fa mahafeno ny fepetra manontolo ny filatsahan-ko fidiana

dia mamoaka ny taratasy fanamarinana ny fandraketana am-boky (Certificat d'enregistrement de candidature) ny OVEC. Modely n°4

NB: Ny fahazahoana ny "Certificat d'enregistrement" dia midika avy hatrany fanomezan-dalana hanao fampielezan-kevitra.

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

2) *Ny fandavana ny filatsahan-kofidiana*

2.1) Ireo fisehoan-javatra mitarika ny tsy fandraisana ny antontan-taratasy filatsahan-ko fidina:

- Ny tsy fahafenoana ny fepetra rehetra voalazan'ny Lalàna mikasika ny maha-pifidy;
- Ny tsy fahafenoana ny fepetra rehetra voalazan'ny Lalàna mikasika ny zo ho azo fidiana;
- Ny tsy fisian'ny solotena nahazo fahefana (ankoatra ny kandida tsy miankina);
- Ny tsy fisian'ny mpisolo toerana;
- Ny tsy fahampian'ny isan'ny mpirotsaka hofidina ao anaty lisitra, ho an'ny filatsahan-ko fidiana amin'ny fari-pifidianana misy Solombavambahoaka mihoatra ny iray;
- Ny tsy fisian'ny fanolorana nataon'ny Antoko na Vondron'Antoko (raha tsy kandida tsy miankina);

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 17

- Ny fanolorana filatsahan-ko fidina mihoatra ny iray na maromaro ataon'ny Antoko na Vondron'Antoko iray ao anatin'ny fari-pifidianana iray (candidature multiple);
- Ny fisian'ny filatsahan-ko fidina mihoatra ny iray @ maha mpisolo toerana;
- Ny fanolorana taratasy filatsahan-ko fidina:
  - tsy nampombaina ny fanambarana filatsahan-ko fidiana misy ny Sonia, anarana sy fanampiny, ny daty sy toerana nahaterahana, toeram-ponenana ary asa ataо
  - tsy voamarina ara-panjakana,
  - tsy ahitana ny fanekena an-tsoratra ataon'ny mpisolo toerana;
- Ny tsy nandoavana ny fandraisana anjara amin'ny sara-panontana ny bileta tokana;
- Tsy nahavoaloa ny hetra sy/na ny haba nandritra ny telo taona farany;
- Ny tsy fahafenoan'ny singan-taratasy ilaina.

2.2) *Fombafomba arahina*

- Ny fandavana ny filatsahan-kofidiana dia tsy maintsy ampiarahana amin'ny antony mazava tsara sy mitombina (Décision motivée).

  Ampiasaina ny Modely n°5;
- Ampahafantarina tsy misy hatakandro ny kandida na ny lisitry ny kandida ny fanapahan-kevitra;

Amin'ny fonenana notoandroin'ny kandida na lisitry ny kandida (domicile élu) no andefasana ny fampahafantarana.

- Ampahafantarina ny CENI amin'ny fomba haingana indrindra.

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 18

2.3) Ny vokatry ny fandavana ny filatsahan-kofidiana

a) Ho an'ny solontenan'ny kandidà

- Ny solontenan'ny kandidà dia manana **zo** hampiakatra ny raharaha eo anatrehan'ny CENI **(And.30** Lalàna fehizoro 2018-010**);**

48 ora taorian'ny naharaisany ny fampahafantarana ny fandavana no ahafahany anaovana izany.

- Ataon'ny solotenan'ny kandida an-tsoratra io fampahafantarana, miendrika fitarainana io.
- Apetraka eo anivon'ny OVEC ny fitarainana. Ataon'ny OVEC (Sekretaria teknika) scan avy hatrany ilay fitarainana ary alefa tsy misy hatakandro aty @ CENI foibe.
- Ny adiresy affairesjuridiques.ceni@gmail.com no andefasana ny fitarainana rehetra.

b) Ho an'ny CENI

- **Tsy maintsy mandinika ny fitarainana voarainy ny CENI**
- **24 ora** raha ela indrindra, ao aorian'ny naharaisany ny taratasy nalefan'ny solontenan'ny kandidà **(And.30** ao amin'ny lalàna 2018-010**) no tsy maintsy andraisan'ny CENI ny fanapahan-kevitra mikasika ny antotan-taratasy.**
- **Mampahafantatra avy hatrany ny fanapahan-kevitra raisiny.**

Ny fanapahan-keviny dia mety ho fanamafisana ny tapaka teo anivon'ny OVEC,

Mety ho fitsipahana ny fanapahan-kevitry ny OVEC ihany koa.

Ny PCED no ampitan'ny CENI ny fanapahan-kevitra noraisiny. Ny PCED avy eo no mampita izany tsy misy hatakandro amin'ny solotenan'ny kandida na ny solotenan'ny lisitry ny kandida, eo amin'ny fonenana nofidiany.

- Manana zo hitondra ny fanapahana noraisin'ny CENI eny amin'ny HCC ny solontenan'ny kandidà. **(And.30** ao amin'ny lalàna 2018-010).

Valo ambin'ny efapolo ora (48 ora) ao aorian'ny nahazoan'ny mpilatsaka-ho fidina ny fanapahana avy aty amin'ny CENI no fepotoana ahafahana manao izany.

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 19

d) Ho an'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana

- Tsy maintsy manapa-kevitra mikasika ny raharaha ao anatin'ny **24 ora** naharaisany ny fitoriana ny HCC.
- Raha tsy mankatoa ny fanapahana noraisin'ny CENI ny HCC, izany hoe manaiky ny filatsahan-kofidina napetraky ny kandidà, dia ampahafantariny ny Filohan'ny CED voakasik'izany ny fankatoavany ***amin'ny alalan'ny didim-pitsarana***.
- Na inona na inona fanapahan-kevitra noraisin'ny HCC, amoahany didim-pitsarana dia tsy maintsy ampahafantarany ny Filohan'ny CED.

e) Ho an'ny OVEC

- Ny PCED @ maha filohan'ny OVEC azy dia mampahafantatra ny solontenan'ny kandidà, na ny antoko, na ny vondron'antoko voakasika izay Fanapahana noraisin'ny CENI;
- Toy izany koa ny mikasika ny didim-pitsarana nampitaina aminy mahakasika ny fitondrana ny raharaha teo anivon'ny Fitsarana Avo;
- Any amin'ny toeram-ponenana voatondro ho fonenan'ny kandida na lisitry ny kandida no andefasana ny fampahafantarana;
- Omena taratasy fanamarinana ny firaketana (**certificat d'enregistrement**) ny solotenan'ny kandidà na ny lisitra;
- Havaozina ny lisitra efa natao petra-drindrina. (**And 29.4** ao amin'ny lalàna 2018-010)
- Havaozina arak'izany ihany koa ny lisitra misy ny kandida voaray (Modely n°7)

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

Fanamarihana:

- Raha sanatria misy fahafatesan'ny kandida iray, ao aorian'ny 12 martsa dia ny mpisolo toerana no lasa mpirotsaka hofidiana;

  Manendry mpisolo toerana vaovao aorian'izay. 48 ora manaraka ny trangan-javatra.

- Tsy azo atao intsony ny misintona ny filatsahan-kofidiana ao aorian'ny 12 martsa 2019.

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

NY AMIN'NY FAMARANANA NY ASAN'NY OVEC

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 21

Fampahatsiahivana:

- Fe-potoana farany andraisana ny filatsahan-kofidina: 12 martsa 2019 @ Dimy ora hariva;
- Fe-potoana farany amoahana ny lisitry ny mpirotsaka hofidiana voaray: 15 martsa 2019

(**72 ora** raha ela indrindra ao aorian'ny andraisana filatsahan-ko fidiana).

Ny raharaha atao @ famaranana ny asan'ny OVEC

- Fandrafetana ny fitanana an-tsoratra ny famaranana ny asa (modely n°06);
- Fanaovana peta-drindrina eo ivelan'ny birao ny lisitr'ireo filatsahan-kofidina nankatoavina;
- Fandefasana any @ CENI antotan-taratasy izay ahitana ny:
  - fitanana an-tsoratra ny famaranana ny asan'ny OVEC (modely n°06),
  - ny kopian'ny fitanana an-tsoratra nanaovana ny peta-drindrina,
  - ny fampahafantarana,
  - ary ny lisitry ny mpilatsa-kofidina nofaranana tao amin'ny asan'ny OVEC (Modely n°07).

  Andefasana kopia amin'io antotan-taratasy io ihany koa ny HCC.

NB: Ireo modely ampiasain'ny OVEC dia misy fampiharana informatika mba hanamorana ny asa.

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

FEPETRA ANKAPOBENY MIKASIKA NY FANDOAVAN-KETRA

Tsiahy: Instruction n°01-2019-MFB/SG/DGI/DITEC du 12 février 2019 relative aux dispositions relatives à la délivrance du certificat fiscal pour les élections des Députés à l'Assemblée Nationale.

Fepetra: Miankina amin'ny asa aman-draharahan'ilay kandida ny sokajin-ketra takiana aminy.

- *Kandida efa manana Numéro d'Identification Fiscale (mpandraharaha, mpivarotra…): Carte Fiscale nohavaozina na takiana;*
- *Kandida mpiasa mandray karama(salarié): Taratasy fandraisam-bola nadrintra ny telo volana farany misesy (Fiche de paies des trois derniers mois) ho an'ny mpiasam-panjakana,*
- *Mpiasan'ny sehatra tsy miankina: Fanambaran'ny mpampiasa manamarina ny fandoavana ny IRSA*
- *Tranga hafa: Fandoavana ny farany ambany takiana @ Hetra tambatra.*

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

MISAOTRA TOMPOKO

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 23

Projet2:Mise en page 1 18/02/2019 18:03 Page 24